

TORITENY – ALAROBIA NY LAVENONA TAONA D



"Ny fonareo no rovidrovito, fa aza ny fitafianareo, dia miverena amin'ny Tompo Andriamanitrareo, fa mamindra fo sy miantra Izy"

Ry Kristianina havana, anio no hiatrehantsika sy hankalantsika ny Alarobia ny lavenona sy hidirantsika amin'ny vanim-potoan'ny karemy hiomanantsika amin'ny Paka.

40 andro andalinantsika bebe kokoa an'izay hoe fahatsapana fa mpanota isika ka mila ny famindrampon'Andriamanitra ary i Jesoa no endriky ny famindrampon'Andriamanitra.

Izy manolotra ny ainy teo ambony hazo fijaliana no azahoantsika ny famonjena. Ary dia

mampahatsiaro ilay 40 taona namakivakian'ireo vahoakan'Andriamanitra ny tany efitra izany hoe nialany tamin'ny fanandevozana tany Ejipta ka nitondra azy ireo amin'ny tany nampanantenaina. Maro ny sedra, maro ny fakampanahy, nitantana azy ireo Andriamanitra namakivaky an'izay tany efitra izay.

Vakiteny I : Joely 2, 12-18

Tononkira : Sal. 50

Vakiteny II : 2 Kôr. 5, 20-6, 2

Evanjely : Mt. 6, 1-6, 16-18

Mandritra ny 40 andro izao, maro ny zavatra tsy maintsy atrehintsika hoy indrindra ny Papa amin'izao taona masina famindrampo izao ; enga anie ny vanimpotoanan'ny karemy amin'izao taona jaobily izao, hiainantsika lalindalina kokoa ka hanjary vanimpotoana manokana ankalazana ary hiainana ny famindrampon'Andriamanitra tokoa izao karemy izao. Hampahatsiaro atsika koa ilay 40 andro izay nosedrain'i Jesoa tany an'efitra ka alohan'ny hitoriany ny vaovao mahafaly dia nanolorany tena izy ny famindrampon'Andriamanitra. 40 andro ary amin'izao taon-jobily izao hiainantsika bebe kokoa ny famindrampon'Andriamanitra.

Inona moa ny lavenona ?

Hanaiky isika fa mpanota, tsy ho tanteraka ao anatintsika ao izany famindrampon'Andriamanitra izay raha tsy miaiky ny maha mpanota atsika isika, miaiky ny fahalementsika, izay no tandindon'ny lavenona hosorana amintsika, manambara izay fanetrentena izay.

Tsy ho tanteraka tokoa ny famindrampon'Andriamanitra raha tsy ao amintsika ny fanetrentena. **Ny lavenona anambarantsika fa vonona hibebaka isika, handray ny Evanjely araka ny voalazan'ny pretra raha manosotra ny lavenona izy ; "mibebaha ary minoa ny Evanjely", izay no lalam-pamonjena sy toe-panahy hamakivakiansika an'izao 40 andro izao .**

Ny tenin'Andriamanitra androany Alarobia ny lavenona izao dia mampahatsiaro atsika an'izany. Hoy indrindra i Joely mpaninany amin'ny vakiteny voalohany (Joely 2, 12-18) ; "ny fonareo no rovirovito fa aza ny fitafianareo". Tsy ny zavatra ety ivelany izany no hibanjinintsika sy halalinintsika bebe kokoa fa ny fontsika io. Izao taona ny famindrampo izao anie hanova ny fontsika izay ho ekentsika hidiovin'Andriamanitra mba honenany tokoa ny fontsika, amindrany fo isika ka afaka hamindra fo amin'ny hafa.

Tahaka ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa (2 Kôr. 5, 20-6, 2) ; " izao no fotoana tsara, izao no andro tsara".

Inona no tena fibebahana marina ?

Aoka izao 40 andron'ny karemy izao hanatonantsika an'Andriamanitra. Mihavana re amin'Andriamanitra, sokafy ny fontsika mba ho fo misy an'Andriamanitra. Raha mihavana amin'Andriamanitra tokoa isika, raha apetrantsika eo anivon'ny fiainantsika Andriamanitra, raha mitoetra ao ampontsika tokoa Andriamanitra izay no tena fibebahana marina. Handray ny tenin'Andriamanitra isika dia i Kristy hanilo ny fiainantsika. Raha ny fahazavan'i Kristy no manio ny fiainantsika ka na hamakivaky ny tany efitra aza isika izany hoe ao ny fihafiana, ao ny sedra isankarazany, ao ny fakampanahy dia hitantana atsika amin'ny tany nampanantenaina izy izany hoe ny fiadanana,

ny fitsanganan-ko velona izay no mamerina ny hasina maha-olona atsika dia ny Paka. Andriamanitra manangana atsika ho zanany, tafaverina ao amin'ny fiadanany tokoa isika ka ny anjarantsika ary dia manaraka io anatra ambaran'i Jesoa ao amintsika amin'ny Evanjely, io no làlana izorantsika amin'izay fanokafana ny fontsika izay.

Manaraka ny làlana atoron'i Kristy

Fotoana HANASOAVANA NY Hafa, FAHAFOIZANA HO AN'NY Hafa

Raha tiantsika hisokatra ny fontsika, aoka ary hanao asa fiantrana isika, tsy fitadiavana dera fa asa izay manambara fa niova tokoa ny fontsika, manahaka ny Ray isika. Tsy mitady voninahitra fa izany hoe asa fanasoavana, hanaso ny hafa isika satria izay no nahatongavan'i Jesoa sy nanolorany tena. Hahafoy ary isika araky ny tarigetrantsika, araky ny hafatra pastoraly ato amin'ny diosezy ho antsika : FAHAFOIZANA HO AN'NY Hafa. Izao vanim-potoanan'ny karemy izao tokoa anie araka ny hafatry ny Papa ao amin'ny taratasiny laharana faha-17 no vanim-potoana hanaovantsika asa soa bebe kokoa, hamindrantsika an'izay fon'Andriamanitra izay ao anatintsika ao, ho an'izay manodidina atsika. Izay no tsy maintsy hanambarantsika fa miova ny fontsika.

Fotoana HIVAVAHANA BEBE KOKOA araka ny hafatra natao amintsika, hanaovantsika ezaka atao bebe kokoa amin'izao taona masina izao, any amin'ny fianakaviana, aoka ho fianakaviana mivavaka. Tsy vavaka hita ety ivelany fa vavaka mipololotra avy ao anaty araka ny voalazan'ny Papa. Enga anie ny fianakaviana eglizy kely, ho eglizy mivavaka tokoa.

Fotoana HIFADIANA NY HANINA hoy i Kristy, ilay hanina izay manapotika atsika.

Ny hanina dia tsy inona fa ny ao anaty kibontsik. Tsy hanao ny kibo ho Andriamanitra isika. Izay no matetika ho fakam-panahintsika ka mahatonga atsika tia tena manapotika ny hafa. Manao ny kibontsika ho Andriamanitra no mahatonga atsika ho hanana fialonana ka mahatonga atsika mampanjaka ny hery setra isankarazany amin'ny fiainantsika. Tsy hanao ny kibontsika ho Andriamanitra isika ka hifady an'izay rehetra mahatonga an'izay fakam-panahy izay eo amintsika : ao ny lainga, ao ny fitapitaka, ao ny fitiavan-tena.

Izao tokoa ary no amolahantsika ny tenantsika ka hifanasoa isika. Izay ary ry Kristianana havana, hitantsika amin'izao taona masina izao, rentsika ny làlan-kombantsika. Izao tokoa ny vanim-potoana tsara, azan y zavatra ety ivelany no rovidrovitintsika fa ny fontsika no aoka ho ekentsika hodiovin'Andriamanitra. Raha manatona azy isika dia ho voadio ny fontsika. Izao no vanim-potoana tsara araky ny voalazan'I Md Paoly ka ataovy ary ireo asa mendrika amin'izao taonan'ny famindrampo izao dia tsy inona fa araka ny efa voalazan'I

Jesoa dia ny asa fanasoavana, ny asa fiantrana, tsy fitadiavan-dera fa hanasoavana ny hafa. Izao ny vanim-potoana hivavahana ka hiombonana bebe kokoa amin'Andriamanitra fa indrindra any amin'ny fianakaviana Eglizy kely, mba ho senakla ny Eglizy kely tsirairay avy tahaka ny fianakaviana masina tao Nazareta.

Fotoana HIADIVANA AMIN'NY FAKAM-PANAHY : Izao tokoa no vanim-potoana aoka hiadivantsika amin'Andriamanitra tsy izy, dia isika manao ny kibontsika ho Andriamanitra ka mahatonga ny fitiavantena sy ireny hery setra eo anivontsika ireny, ka aoka hiady amin'ireny fakam-panahy ireny isika ka tsy hifanapotika, tsy hampanjaka ny hery setra, tsy hanapotika ny tontolo iainana fa hikolokolo, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiainantsika

Ry Jesoa Tomponay ô nomenao an'izao vanimpotoana izao tokoa izahay,
Ianao no banjininay amin'izao taona masina izao,
Ianao no endriky ny famindrampont'Andriamanitra.

Enga anie ho vonona tokoa izahay hanapotika ny ratsy rehetra ao anatinay ao,
hanaiky hodiovinao mba ho FO rotoroton'ny alahelon'ny fahotana anie hanatonanay
anao, tahaka an'i Piera raha nahita ny endrikao dia nahatsapa fa diso izy.

Izahay koa anie hitomany ny fahotanay fa hodiovinao izahay ka
hanana fiadanana tokoa hamakivaky an'izao karemy izao.

Tantano ny dianay, Ianao anie hanilo ny fiainanay ka hiverina aminao tokoa izahay,
enga anie ho vahoakanao, ho tantananao ka ho tonga amin'izay Paka fiadanana,
Paka fihavanana, Paka fahasambarana ho anay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson